**AGENCE PORTUAIRE, MARITIME ET FLUVIALE**

------------

**DIRECTION GENERALE**

------------

**N° 0776 — APMF/DG/DGA/22.**

# FANAMBARANA MIKASIKA NY FAHARENDREHAN'NY SAMBO MAZAVA II (AHY-16-009)

Ny alahady 11 septambra, tamin'ny fito ora sy sasany hariva tany ho any, dia rendrika teo alolohan'Antafiapatsa, Antsohihy, ny sambo MAZAVA II rehefa nifandona tamin'i botry EAU VIVE FENORANO izay lehibe noho izy.

Araka ny angom-baovao voaray dia niainga tany Ambiky ny sambo MAZAVA II, izay nitondra entana ilaina amin'ny andavanandro sy olona miisa 33.

15 minitra tsy hidirana an'Antanfiapatsa, Antsohihy no nisehoan'ny fifandonana. Rendrika teo no ho eo ny sambo MAZAVA II vao niharan-doza. Ny botry nandona kosa dia tsy nijanona fa nitohy nanohy ny lalany.

Nisy avy hatrany ny fandraisan'andrakitra nataon'ireo manam-pahefana tany an-toerana niaraka tamin'ny APMF sy ny Zandarmaria Nasionaly ary ireo tompon-tsambo ka nandefa ireo vedety 4 namonjy voina. Olona roa (02) sy nofo mangatsiaka sivy (09) no hita, nisy ihany koa ireo olona avotra hafa namonjy ny ala honko izay mbola hohamarinina amin'ny andro anio.

Nandray andraikitra avy hatrany ny APMF tao Analalava niaraka tamin'ireo Manampahefana any an-toerana ka nanakana ny botry EAU VIVE FENORANO tamin'ny 12 ora alina sy 43 minitra, niaraka tamin'ireo mpanamory efatra (04) sy mpandeha (03) tao anatiny, ary nampihantsona azy ao Analalava hanaovana ny fanadihadiana.

Heverina fa ny andro efa maizina sy ny tsy fisian'ny jiro tamin'ny sambo MAZAVA II no fototry ny loza ka niteraka ny tsy fifankahitana teo amin'ny sambo roa.

Mbola mitohy ny fikarohana sy ny fanadihadiana izay ifandrombonan'ny APMF, ny Zandarimaria, ny Polisim-pirenena, sy ireo Manampahefana ary ireo tompon-tsambo any an-toerana.

Tiana ny mampatsiahy fa tokony hajaina ireo fepetra sy lalàna mikasika ny fitaterana an-dranomasina sy an-dranomamy mba hisorohana ny loza. Singanina amin'izany ny Fampatsiahivana laharana 051-APMF/DG/DRA/Sect.mart/Antsohihy/22 momba ireo Fepetra sy lalàna sasantsasany mikasika ny asa an-dranomasina ato amin'ny seranan-tsambon'ny Antafiapatsa-Antsohihy sy ny manodidina izay natao ny 14 aprily 2022, sy ny Naoty laharana 243-APMF/MJ/22 natao ny 23 mey 2022.

Ny APMF dia maneho entoana ny fiaraha-miory amin'ny niharam-boina, ary misaotra sy mankasitraka hatrany ny fandraisana andraikitra sy ny fifanomezan-tanana avy amin'ny tsirairay, hoenti-mihatrika ny tranga izay niseho sy hisorohana ny loza amin'ny ho avy.

Antananarivo, 12 SEPT 2022

NY APMF FOIBE

Le Directeur Général p.i

TAFANGY Adonis Fabien